# ALAHADY FANKALAZANA NY VATANA MASIN'I KRISTY - Taona A 2026




***Izaho no mofo velona izay nidina avy any an-danitra***

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo isika nankalaza ny misterin'ny Trinite masina. Nantitranterintsika fa tsy Andriamanitra lavitra fa Andriamanitra miara-dàlana amintsika i Kristy, mpiara-belona amintsika ny Trinite masina. Marina fa mistery lehibe tokoa ny Trinite Masina ary sarotra takarina ny heviny kanefa mampibaribary fa ny lahatr'Andriamanitra ho antsika olombelona dia ny ho iray Aminy, ho fianakaviana iray Aminy, ho olo araiky Aminy ka ny fibanjinantsika ny Trinite masina dia mampiditra antsika ho anisan'izany olo araiky ao amin'Andriamanitra izany. Tsy lavitra izany rehetra izany fa eo anivontsika, entintsika amin'ny fiainana andavanandro. Izany no nahatonga antsika nilaza fa tena MODELY HO ANTSIKA TOKOA NY TRINITE MASINA. Nampitandrina antsika aho fa misy "modèle piraté" dia "andriamanitra vola" izay mitady hampiombona amin'ny alalan'ny

**Vakiteny I :** Det. 8, 2-3. 14b-16a
**Tononkira :** Salamo 147
**Vakiteny II :** 1 Kôr. 10, 16-17
**Evanjely :** Jo. 6, 51-59

fanatontoloana nefa raha tena marina manapotika. Io indrindra no tian'I Papa Léon XIV tamin'ny alalan'ny Ansiklika vao nosoratany Magnifica Humanitas (Mahatalanjona ny hasin'ny mahaolona). Lazaina fa mila mahay manaisotra izay fomba sy fitaovana entina miady isika raha tsy izany zary andevony. Mila misafidy isika hoy ny Papa na hanaraka ny tilikambon'I Babel izay manilika an'Andriamanitra ka izay matanjaka no manjaka na hanaraka an'I Jerosalema tanana masina, tanànan'ny fiadanana izay mametraka an'Andriamanitra ho ivon'ny fiainana sy eo anivon'ny fiainana ka mamboly tontolom-piainana vaovao anjakan'ny rariny sy ny hitsiny ary ny fitiavana mitondra amin'ny rafitra hahitan'ny maha olona manontolo sy olon-drehetra fivelaranana.

Modely ho antsika ny Trinite Masina satria fiombonana mivelatra izy fa tsy fiombonana mikombona manilikilika. Tanteraka izany ao amin'ny Eokaristia Masina ankalazantsika ny Vatana sy Ran'I Kristy. Miombona ny tany sy lanitra, isika olombelona samy olombelona ary isika sy ny voaary tahaka ny Trinite Masina maniraka an'I Jesoa sy Fanahy Masina. Isika ihany koa rehefa mankalaza ny Eokaristia dia zary EOV MISIONERA, "TABERNAKLA VELONA" eo anivon'ny Mpiara-belona. Tahaka an'I Jesoa "nivoaka" tamin'ny Trinite Masina dia "mivoaka" avy amin'ny Eokaristia mitondra ny famindram-po eo anivon'izao tontolo izao. Izany no mahatonga antsika milaza matetika fa ny fankalazana tsy fahatsiarovana fotsiny fa zary fiainana. Noho izany I Kristy mpiara-belona amintsika dia tsy iza fa isika tsirairay vita batemy, isika no mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika ka mizara ny asan'ny Fanahy masina eo anivon'ny fiainantsika andavanandro amin'ny alalan'ny fifankatiavana, ny fampanjakana ny marina, ny fampihavanana izay mitondra amin'ny tena fiadanana marina.

RAHA FINTININANA IZANY REHETRA IZANY DIA TANTERAKA TOKOA NY FANIRIANA HO IRAY, HIOMBONA KA TSY MISY EFITREFITRA INTSONY FA TENA OLO ARAIKY TOKOA AO AMIN'NY EOKARISTIA... Io ny tian'I Papa hambara amin'ny Ansiklikany ary dia tena MAHATALANJONA TOKOA ISIKA OLOMBELONA = MAGNIFICA HUMANITA

Ry Kristianina havana, ny zavatra faharoa tiako asongadina izay tsy misaraka amin'izay voalaza teo dia efa tena miditra amin'ny fiainana andavanandro isika taorian'ny fankalazana ny Paka izay nifarana ny Alahady fankalazana ny Pantekôty ka vanim-potoana mandavantaona no iainantsika izao izay hivelomantsika ny finoana sy handalinantsika azy ka mahatonga antsika tokoa ho EOV MISIONERA "TABERNAKLA VELONA" mamakivavky ny fiainana. Tsy finoana misavoan-danitra anefa ny finoantsika fa iainana andavanandro fa indrindra isika miatrika izao krizy marolafy izao. Tsapan'Andriamanitra ny fahasarotan'ny fiatrehantsika izany fiainana izany satria eo anivon'izao tontolo izao isika fa tsy anisan'izao tontolo. Tsy lojikan'izao tontolo izao no mibaiko antsika. Tsy izao tontolo izao no modely ho antsika fa ny Trinite Masina ho antsika. Tsy mora io safidim-piainana io ka mila famantarana avy Aminy hamelomana sy hankaherezana antsika. Izany no nanomezany antsika ny Sakramenta Masina izay

ankalazaintsika androany. Sakramenta izay famantarana hita maso sy ren’ny vatantsika naorin’i Kristy mampahazo ny fahasoavana. Ny fahasoavana dia ny fiombonana Aminy. Hitantsika mibaribary izany ao amin’ireo olomasina. Ary izany no dikan’ny hoe “mandray komonio” : komonio midika firaisana, fiombonana. Izay no mahatonga antsika manantitrantitra fa tsy maintsy valiana mazava hoe : “Amena” ny tenin’ny Pretra manao hoe : “Vatan’I Kristy”. Io fifamaliana tsotra io dia tena fiekem-pinoana lalina ho antsika Katolika vokatry ny sakramenta masina izay tsy iza fa I Jesoa. Ho tohin’izany dia matetika ihany koa mba ho fankalazantsika ny Eokaristia masina, Vatana sy ran’I Jesoa, sady hanehoantsika ny finoantsika ary hamelombelomana azy dia entintsika mamakivaky ny tanànantsika ny Sakramenta Masina anambarantsika fa ilay Sakramenta famantarana hita maso sy ren'ny sofintsika ka mampahazo ny fahasoavan’Andriamanitra dia tsy sakramenta mihidy ao amin'ny tabernakla fa isika no zary tabernakla velona. Izany no anton’ny anaovantsika "procession" mamakivaky ny tanàna misy antsika mba ho eo anivon'ny fiainantsika sy ho ivon'ny fiainantsika tokoa i Jesoa ka amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy tokoa no hizarantsika ny hafalian'ny Paka, hizarantsika ny Vaovao mahafaly izay tsy inona fa Andriamanitra eo anivontsika, Emanoela no anarany, Andriamanitra miara-belona amintsika.

Ireo rehetra ireo no antitranterin'ireo tenin'Andriamanitra amin'ny vakiteny amin'izao Alahady ankalazantsika ny Sakramenta Masina izao.

Raha mankalaza ny vatana aman-dràn'i Kristy isika dia tsy hoe mibanjina fotsiny fa isika mihintsy no zary “tabernakla velona “ eo anivon'ny mpiara-belona. Andriamanitra tokoa no mamelona antsika, izany no ambaran'ny vakiteny voalohany ao amin’ny bokin'ny Deteronomy *(Det. 8, 2-3. 14b-16a)* "*ary namahana anao tamin’ny mana, izay tsy fantatrao, na fantatry ny razanao, mba hampahalalàny anao fa tsy ny mofo ihany no iveloman’ny olona, fa izay rehetra mivoaka avy amin’ny vavan’Andriamanitra no iveloman’ny olona*". Manome hanina antsika tokoa Andriamanitra, izy no mamelona ny vahoakan'Andriamanitra izay niala tamin'ny fanandevozana tao Ejipta ka mamakivaky ny tany efitra. Miala amin'ny fanandevozan'ny fahotana noho ny batemy noraisintsika sy ny vokatry ny Paka nandresen'i Kristy ny fahafatesana isika ka mamakivaky ity fiainana ity izay sady Ady no Dia, ady amin'ny fakam-panahy, ady amin’ny krizy. Tandremo hoy isika sao diso ady atrehina isika. Ny ratsy no iadiantsika fa tsy ny olo. Ary mila mitandrina isika tsy ho diso lalan-kaleha. Tokana ny lalana dia I Jesoa. Mila safidy matotra izao andro izao raha tsy izany voasariky ny tilikambon’I Babela isika.

Izany indrindra no anaovantsika ny Sinaody hanampy antsika hametraka tsara ny safidintsika. Izany ihany koa ny antony tsy maintsy andraisantsika anjara matotra amin’ny fikaonandoham-pirenena. Manasa sady mampirisika antsika. Manana ny fampianaran’ny Eglizy isika ka aoka hanampy ny hafa.

Maro ireo fakam-panahy fa indrindra ireo izay manapotika ny finoana ka mila hery sy sakafo avy amin'Andriamanitra isika, lavitra ny dia ary fantatsika ny tanjona dia ny fiombonana amin'Andriamanitra, ao no tena fiadanana. Noho izany dia mila sakafo sy fankaherezana avy amin'Andriamanitra isika, tsy iza ny sakafo mamelona antsika fa i Jesoa, izany ny hasarobidin'ny finoantsika ry Kristianina havana.Hafa ihany ny katolika manana izany sakafo mamelona izany dia tsy inona fa ny Vatana sy Ran'Andriamanitra. Maro ny manenjika antsika noho isika manambara sy miaina fa i Jesoa no mofon'aina mamelona antsika araka ny voalazany ao amin'ny Evanjely " Izaho no mofon'aina mamelona , Izaho no mofo velona izay nidina avy any an-danitra ka raha misy mihinana ity mofo ity dia ho velona mandrakizay".

Ry Kristianina havana, izany no finoantsika ary ao ny loharano sy ny fototry ny fiainantsika manontolo. Izany no manantena antsika amin'izao famaranana ny vanim-potoana Paka ka hidirantsika amin'ny vanim-potoana mandavantaona izao ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika, hahatonga antsika ho “tabernakla velona”. Mila hery izany mba hahatonga antsika ho vavolombelona marina tokoa tahaka an-dry Victoire Rasoamanirovo, renim-pianakaviana, nahatsiaro azy ireo tamin'ny alahady lasa teo andro fankalazana ny fetin'ny reny. Toa an-dry Lucien Botovasoa modely ho an'ireo mpanao politika, mahafoy ny ainy, manompo mikatsaka ny soa iombonana fa tsy manompo....

Tonga Kristy velona tokoa isika rehefa mandray ny Vatana sy Ran'I Kristy ary io no angovo entintsika hijoro ho vavolombelona sy handresentsika ny ratsy ka hahafahantsika manohy ny diantsika ilay fiombonana amin'i Jesoa. Rehefa miombona tanteraka Aminy isika tsy hoe mikombona izany fiombonana izany fa araky ny hafatr'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa *(1 Kôr. 10, 16-17)* : "*moa ny kalisim-pisaorana izay isaorantsika, tsy firaisana amin'ny Ran'i Kristy va? Ary moa ny mofo izay vakîntsika, tsy firaisana amin'ny Tenan'i Kristy va? Satria iray ihany ny Mofo, ka dia tena iray ihany koa isika na dia maro aza, fa Mofo iray ihany no iombonantsika rehetra*." Miombona tanteraka isika, olo araiky Aminy isika ka afaka miombona amin'ireo mpiara-belona amintsika tokoa ary dia ho fianakaviana iray ao amin'Andriamanitra isika. Iray ihany ny nofo ka dia tena iray ihany isika na dia maro samihafa aza isika, na dia eo aza ny fahasamihafana tsy ho entina hanilikilihana na hanavahana fa ho entina hampiombona sy handraisana an-tànana ny fiainan'ny Eglizy izay fianakaviam-ben'Andriamantira. Ho olo araiky amin'Andriamanitra isika ka hahatonga antsika ho mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika, ho fanasina sy fahazavana. Vokatry ny maha-TABERNAKLA VELONA antsika izany rehetra izany

Ry Kristianina havana aoka àry izao fankalazantsika izao hanampy antsika handrehitra ny fo amam-panahintsika ka hahatonga antsika hizara izany fahasoavana izany.

Ry Kristy zokinay ô, tafavory manotrona anao izahay, ianao ilay mamelona anay amin'ny alalan'ny vatanao sy rànao ao amin'ny Eokaristia, ampio àry izahay mba ho aina mamelona tokoa an'ireo mpiara-belona aminay, HO EOV MISIONERA HO “TABERNAKLA VELONA”. Avorinao izahay ary velominao amin'ny alalan'ny Eokaristia masina ka enga anie ny fandraisanay azy matetika sy ny fankalazanay azy matetika hanova ny fiainanay ho fiainana eokaristika, ho fiainana manasoa ny hafa, ho fiainana mijoro ao anatin'ny fahamarinana, ho fiainana mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny ka hampiombona ny olona rehetra ao anatin'ny fihavananao marina ka hitondra anay amin'ny tena fiadanana marina. Masina Maria Reny ampio izahay hahatakatra fa izahay izao no Tabernakla velona mitondra an’i Jesoa eoh amin’ny Mpiarabelona. Md Josefa Ray Mpiaron’ny Eglizy arovy izay hametraka safidy mazava entina handresy ny fanandevozin’ny fandrosoana tsy izy. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson